Ny Mpaminany (S.A.W) dia saro-kenatra kokoa noho ny virijiny miafina ao antranony, fa rehefa misy zavatra tsy tiany, dia fantatray tamin'ny tarehiny izany

Tatitra azo avy amin'i Abo Said Al-Khodri (R.A) niteny izy : Ny Mpaminany (S.A.W) dia saro-kenatra kokoa noho ny virijiny miafina ao antranony, fa rehefa misy zavatra tsy tiany, dia fantatray tamin'ny tarehiny izany.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Mitantara i Abo Said Al-Khodri (R.A) fa ny Mpaminany (S.A.W) dia saro-kenatra mihoatra noho ny zazavavy virijiny tsy nanambady, tsy mifanerasera amin'ny lehilahy, izay miafina ao antranony, ary noho ny henatra mafy teo aminy, fa raha misy zavatra halany dia miova ny tarehiny fa tsy miteny izy, fa ireo mpiara-dia aminy no mahafantatra izany amin'ny alalan'ny tavany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3153

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee